Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

ALAROBIA 29 LOLAY 2020

« Fihaonana amin'i Jesosy araka ny Filazantsaran'i Jaona »

Mpitarika : RARIVOMANANA Joelitiana Mpitandrina

Anio : « Ilay marary ela tao amin'ny farihin'i Betesda nositranin'i Jesosy »

Hiompana indrindra amin'ny Filazantsaran'i Jaona 5 : 1 – 16 izany

Hiran'ny AMF : « Misaora an'i Jehovah ry fanahiko »

Vavaka fanombohana :

Vakiteny 1 : Jaona 5 : 1 – 3a (hatreo amin'nilay hoe « maty-ila »)

Fanazavàna

Hira 468 : 1

Vavaka any an-tokatrano :

1) Fideràna sy fankalazàna an'Andriamanitra satria manana ny voninahitra rehetra Izy
2) Fisaorana Azy noho ny valim-bavaka rehetra sy ireo fitahiana avy Aminy
3) Fifonana sy famelan-keloka mialoha ny fangatahana rehetra izay hasandratsika

Vavaka

Vakiteny 2 : Jaona 5 : 3b – 4

Fanazavàna

Hira : 468 : 2

Vavaka any an-tokatrano :

-Efa nametraka ny heriny any amin'ny zava-maniry isan-karazany Andriamanitra hitondra fanasitranana ho antsika, koa dia mivavaka isika mba ho tahiany ny fikarohana rehetra hiadivana amin'izao aretina izao, ary mba homeny hery koa ireo mpikaroka

-Entintsika amim-bavaka ny finoan-tsika mba hiorina tsara amin'ny tenin'Andriamanitra fa tsy amin'ny fahagagàna sy y fahataitairana fotsiny

-Hifona ho an'ny firenentsika koa isika sady hivavaka ho an'ireo mpitondra, na ny any antanindrazana izany na ny eto amin'ny tany izay mandray antsika

Vavaka

Vakiteny 3 : Jaona 5 : 5 – 9

Fanazavàna

Vavaka any an-tokatrano :

-Mba hiha-hirehitra aty anatintsika ny lahan-jiro manentona, ka hanana fanantenàna hatrany isika eo amin'ny Tompo tahaka ity lehilahy izay nanana faharetana ity

-Mivavaka ho an'ireo marary isika mba ho sitranin'i Jesosy koa, araka ny sitrapony

-MIvavaka ihany koa isika ho an'ny mpiray tanindrazana amintsika izay tena tratran'ny tsindry hazo lena, fa sady efa mahantra no mbola mihorohoro

-Tsy hadino ireo izay nilaozan'ny hava-tiana, fandaozana izay saika retsika isan'andro

Vavaka

Vakiteny 4 : Jaona 5 : 10 – 16

Fanazavàna

Vavaka any an-tokatrano :

-Mba ampian'ny Tompo isika hanavaka ny zava-poana sy ny zava-masina, ny fombafomba ivelany sy ny fahamasinana anaty

-Mba ho maro ny hifanena amin'i Jesosy amin'izao zava-misy izao, ary mba hahazo vahana ny finoana kristiana madio.

-Mba hitombo ao anatintsika ao koa ny fankahalàna ny fahotàna sy ny fahalotoana amin'ny endriny rehetra

-Mba hosakanan'Andriamanitra ny fisian'ny « 2ème vague » ka hiverina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra, indrindra ny fiainam-piangonana

Vavaka

Hira 338 (Arovy aho Tompo)

Hafatra : Sal 105 : 4

Tsodrano : Heb 13 : 20 - 21